***(Hoy Jesosy :)* Na inona na inona tononinareo amin'ny fivavahana sy angatahinareo, dia minoa fa efa nandray ianareo, dia ho azonareo izany.** Marka 11. 24

## Ny vavaka zazavavy kely iray

Tamin'ny taonjato faha-19 i George Muller dia nanokatra trano maromaro fitaizana kamboty, tany Bristol, any Angletera, niantehitra tamin'Andriamanitra irery ihany, tamin'izay zavatra nilaina ara-pitaovana. Nisy zazavavy kely iray, nahafantatra fa Andriamanitra mamaly ny vavak'io lehilahy mino io, niteny taminy indray andro hoe :

— Mba tiako raha mamaly ny fivavako tahaka ny ataony aminao Andriamanitra.

— Hataony tokoa izany, hoy i George Muller namaly. Inona no tianao hangatahina amin'Andriamanitra, ry Abigaïl ?

— Ba volonondry.

— Izao àry, avereno izay lazaiko : Andriamanitra ô ! mangataka aminao aho, mba andefaso ba volonondry i Abigaïl.

Nony vita ny vavaka nataony dia nihazakazaka hilalao any an-jaridaina ilay zazavavy kely, nahazo antoka fa ho avy ny volonondry. Afaka minitra vitsivitsy dia niolomay niverina izy, nilaza hoe : — Hadinoko ny niteny tamin'Andriamanitra ny loko tiako.

— Tsara izany, anaka, farito tsara mandrakariva izay tadiavina ; lazao an'Andriamanitra, izao, izay loko tianao ho azo.

— Raha sitrakao, Andriamanitra ô ! dia mba ampanatero ba maro loko aho !

Ny ampitso maraina dia nisy fonosana entana tonga ho an'i Abigaïl, feno ba miloko maro samihafa. Tsaroan'ny mpampianatra Soratra Masina azy fa manakaiky ny fitsingerenan'ny andro nahaterahany.

Ho anao izay mamaky izao teny izao : Asehon'io tantara kely tranainy tena marina io fa Andriamanitra dia mamaly ny finoana tsotra. Tsy nampanantena hanome izay rehetra tiantsika Andriamanitra, nefa mihaino ny vavaka rehetra. Ary na tsy mamaly avy hatrany mandrakariva aza Izy, na tsy mamaly tanteraka araka izay mba tiantsika, dia afaka mampiasa ny toejavatra rehetra mba hanehoany ny tenany amin'ireo izay mitady Azy amina finoana tsotra.

# 28 Alarobia
jolay

**Nampitoetra ny tongotro teo ambony vatolampy Izy ka nampijoro ahy.** Salamo 40. 2

**Sambatra izay olona manao an'i Jehovah ho tokiny, ka tsy mivily ho naman'ny mpiavonavona na ny mpivadika ho amin'ny lainga.** Salamo 40. 4

## Vato famonjena

Eo amin'ny talantalana tsena iray dia nisy mpivarotra mampiranty firavaka iambozonana maro, anantonana vato madinika voatefy. Ny soratra manoritsoritra azy ireo dia hoe : vato mampahery, mampitony, mampirisika, fanetrentena, fahendrena, hitsimpo, manome fiadanam-po… Araka izay tian'ny tsirairay. Toa sarotra ihany ny hino hoe sila-bato kely tahaka izany dia hanana fahefana. Nefa dia misy manaiky ho voasarika karazana zavatra toy izany, heverina ho manambina.

Tsy vao androany no nisy izany endrika finoanoam-poana izany. Hoy ny mpaminany Isaia ny amina sila-kazo iray : „Anaovan'ny olona kitay izany, ka analany hamindroany ; eny, ampirehetiny izany, mba hanendasany mofo ; anaovany andriamanitra izany, ka dia ivavahany ; eny, anaovany sarin-javatra voasokitra koa izany, ka dia iankohofany" (Isaia 44. 15). Io andinin-tSoratra Masina io dia manindry ny maha hevi-dravina izany : manandratra ho andriamanitra iankohofana, zavatra natao ho levona.

Ny mpaminany Samoela koa anefa dia toa nanome lanja vato iray. Nantsoiny hoe „Ebenezera" izy io, midika ara-bakiteny hoe vato famonjena. Tsy nisolo an'Andriamanitra anefa io vato io. Zavatra natao hampahatsahivana ny rehetra fotsiny izany, hoe : „Efa novonjen'i Jehovah isika hatramin'izao" (1 Samoela 7. 12). Mosesy koa dia nampahatsiahy ny halehiben'Andriamanitra, ka nilaza hoe : „Ny amin'ny Vatolampy, tanteraka ny asany" (Deoteronomia 32. 4). Izy Andriamanitra irery ihany no azontsika ianteherana.

*Ny vatolampiko, ny mandako,*
*Ny fierena sy fiarovana ho ahy,*
*Ny itodihako rehefa azom-pahoriana*
*Dia Jesosy, Ilay Mpanavotra.*

# 29 Alakamisy jolay

**Avy amin'ny fo no ivoahan'ny sain-dratsy, dia ny vonoan'olona, ny fakam-badin'olona, ny fijangajangana, ny halatra, ny ampanga lainga, ny fitenenan-dratsy.** Matio 15. 19

**Avy aiza ny ady, ary avy aiza ny fifandirana eo aminareo? Tsy izao va no iaviany, dia ny filanareo, izay miady ao anatin'ny momba ny tenanareo?** Jakoba 4. 1

## Olana mahakasika izao tontolo izao

Rehefa avy nanamboatra zavatra tao an-tranoko ity mpanao taozavatra iray, dia nampahatsiaro ireo fikorontanana be manimba ity tontolo misy antsika ity, sady nalahelo satria ratsy fandeha ny toejavatra rehetra, „noho ny ataon'ny hafa". Nefa rehefa hanao ny faktiora izy dia nanolo-kevitra ahy tsy hilaza ampahany amin'ny hetra tokony haloako… Manakiana ny fitiavantenan'ireo mpitarika ara-pôlitika sy mpitantana orinasa vaventy izy, nefa tsy marina eo amin'ny fiainany manokana. Milamina ve izany?

Indraindray ny fibanjinantsika ireo olana lehibe eo amin'izao tontolo izao dia fomba anaronantsika ny vokatr'ireo tsy fiheverantsika. Ny fitsarantsika ny fiarahamonina sy ireo rafitra eo aminy dia mety ho famantarana fa tsy nitsara ny tenantsika isika. Tsy hitana ahy ho tompon'andraikitra amin'ny fahorian'ny zanak'olombelona Andriamanitra, nefa kosa hampamoaka ahy ny amin'ny fiainako manokana!

Mazava ny ambaran'ny Baiboly : ireo tsy fahamarinana, ady, dia avy ao am-pon'ny olona ny loharanony. Mora ihany ny manakiana ireo zava-tsy milamina eto amin'ity tontolo misy antsika ity, nefa ve aho mba vonona hanontany tena momba ny amiko manokana? „Ianao izay mampianatra ny sasany, tsy mba mampianatra ny tenanao koa va?" (Romana 2. 21).

Eny, ireo olana lehibe momba ny zanak'olombelona dia mampitodika antsika amin'izay ao anatin'ny fontsika ao. Matetika isika no manome tsiny ny hafa ny amin'izay ataontsika ihany koa, amina endrika heverintsika ho „azo ekena kokoa" angamba, nefa dia mitoetra ho fahotana, eo anatrehan'Andriamanitra. Mba mahatsiaro tena ve isika? hoe ilaina diovina amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesosy ny fontsika.